# Ilay Voa Tsara Nafafy 15 Desambra 2018

# 15 Asabotsy desambra

**Ary ny olona nitora-bato an'i Stefana, izay niantso hoe : Ry Jesosy Tompo ô, raiso ny fanahiko. Dia nandohalika izy ka niantso tamin'ny feo mahery hoe : Tompo ô, aza atao ho helony anie izao ota izao. Ary rehefa nilaza izany izy, dia nodimandry.**
Asan'ny Apostoly 7. 59-60

**Torimaso sy fahafatesana an-kerisetra**

Stefana no anaran'ny maritiora kristiana voalohany. Nisedra fanoherana feno herisetra izy, avy tamin'ireo mpiray firenena aminy, izay nitora-bato azy nony farany. Toa an'i Jesosy, fotoana fohy talohan'izao, dia nivavaka ho an'ireo fahavalony i Stefana. Ary ny tantara dia niafara tamin'ny fanambarana hoe : „Rehefa nilaza izany izy, dia nodimandry".

Tsy manaitra ve izany fiteny izany, ilazana olona toraham-bato ho faty ? Afaka hodimandry tokoa ve izy ?

Nefa dia „nodimandry" i Stefana, hoy ny tantara nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra. Mody vovoka ny vatana, toy ny modimandry, ary „ny fanahy kosa hiverina amin'Andriamanitra, Izay nanome iny" (Mpitoriteny 12. 7). Tsy nitoetra tao amin'ny tena i Stefana, fa nitoetra tany amin'ny Tompo (2 Korintiana 5. 8).

Modimandry ny kristiana mandao izao tany izao, na manao ahoana na manao ahoana ny fomba nahafatesany. Mety ho nilamina tao am-pandriana, nefa koa mety ho an-kerisetra. Firifiry moa ireo kristiana niharana fahafatesana an-kerisetra, angamba nandratra fon'ny havana sy namana ary ireo hafa nanatri-maso : fanenjehana, fampijalijaliana, loza, toejavatra sarotra isan-karazany...

Raha toy izany ny fomba namoizantsika ny malalantsika, dia aoka isika hifikitra mafy amin'ny eritreritra hoe satria izy nino, dia lasa „nodimandry tao amin'i Jesosy" (1 Tesaloniana 4. 14), ary mbola hifoha. Ary aoka hotsarovantsika fa ny mpino izay „nodimandry" toy izany ny vatany (ny vatany ihany) dia efa any amin'i Kristy am-panahy, ary ho azy ireo dia „tsara lavitra izany" (Filipiana 1. 23).